Date Printed: 04/21/2009

JTS Box Number: IFES_65

Tab Number: 138

Document Title: Ny tsara ho fantatry

Document Date: 1992

Document Country: Madagascar

Document Language: Malagasy

IFES ID: CE00976

*8A91E08F-3A48-49A9-BB44-14738BE8ABB4*

FANABEAZANA
OLOM-PIRENENA

# Ny tsara ho fantatry ny mpanara-maso ny fifidianana

(Notsoahina tao amin'ny Hitsivolana nasiam-panovana laharana faha-92-041 tamin'ny 2 oktobra 1992 anaovana ny Lalàm-pifidianana)

97

# *TORO-LALANA*

*Voasoratra ao amin'ny lalam-pifidianana hitsivolana nasiam-panovana laharana faha-92-041 tamin'ny 2 oktobra 1992, ny didim-panjakana laharana faha-96-836 ny 11 septambra 1996 ny fisian'ny fanaraha-maso ny fifidianana.*

*Araka io hitsivolana sy didim-panjakana io dia azon'ny olom-pirenena atao ny manara-maso ny fizotran'ny raharaham-pifidianana rehetra rehefa mahazo alalana ho amin'izany ny fikambanana isoloany tena. Na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana anefa ny mpanara-maso dia tsy mahazo manao fanelanelanana eo amin'ny fampandehanan'asa ao amin'ny birao fandatsaham-bato. Fanaraha-maso no ataony izay andraikitra eken'ny lalàna rahateo izany mba hisian'ny fifidianana madio sy malalaka.*

*Noho izany, **ny andraikitrao** dia :*

- *Manao izay ahitana fototra ao anatin'ny mampangarahara ny maha-ara-dalana ireo asa atao momba ny fifidianana.*

- *Manao fanamarihana eo amin'ny lafiny rehetra mikasika ny fizotry ny raharaham-pifidianana mba tsy hisian'ny hosoka mety ahafoana ny voka-pifidianana sy hitandroana ny fahamarinan'ny latsa-bato maneho ny tena safim-bahoaka.*

*Araka izany, **ny tokony ataonao** :*

- *Mampahatsiahy am-panajanany Filohan'ny Birao fandatsaham-bato raha misy ny tsy fetezana hitanao araka ny lalàna mba ahafahany mandray fepetra mba tsy ahafaty ny vato rehetra;*

Ced/MAD/1442/001/mla

- *Manamarika an-tsoratra izay hitanao nitranga tao anaty birao fandatsaham-bato araka ny fisy fanaraha-maso eo am-pelatanananao ;*

- *Tsy manenlingelina ny fizotran'ny fifidianana na inona na inona mitranga satria tsy andraikitrao izany ;*

- *Tokony hanana fahatoniana tanteraka sy tsy miandany eo anatrehan'ny zava-mitranga rehetra ;*

- *Hanana faharetana sy hijanona ao amin'ny biraom-pifidianana mandra-pavitan'ny Procès-verbal (PV).*

## Fampiharana

---

- *Tongava ao amin'ny biraom-pifidianana arahinao maso alohan'ny fisokafan'ny biraom-pifidianana.*

- *Manatona ny Filohan'ny biraom-pifidianana mampiseho ny taratasy fanendrena anao ilanara-maso amin'io birao io ary tokony efa hipetraka eny amin'ny tratrano ny badge.*

- *Izy no hanondro anao ny toerana tokony hipetrahanao araka ny fandaminana nataon'ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana. Raha tsy avelany miditra ianao dia asaivo manao taratasy izy milaza ny antony tsy amelany anao hiditra. Asaivo soniaviny io taratasy io. Tokony ho hita ao anatin'izany taratasy izany ny anarany sy ny nomeraon'ny karapanondrony. Takio mihitsy io taratasy io raha tsy avelany miditra ianao nefa mahafeno ny fepetra takiana.*

- *Fenoy araka ny tokony ho izy ny fisy fanaraha-maso. Tsy azo omena olon-kafa ny mameno io fisy io na iza izy na iza. Na izany na tsy izany dia tsy tokony atao hampitahotra ny olona ny famenoanao ny fisinao.*
*Etsy andaniny koa, raha misy olon-kafa, na mambra ao amin'ny biraom-pifidianana io na tsia, manelingeslina na mampatahotra anao amin'ny fanaovanao ny asanao dia manaova tatitra ka alefaso aty amin'ny Birao Nasionaly.*

- *Raha misy zavatra hafa miseho ankoatr'ireo fanontaniana efa mipetraka ao anatin'ny fisy dia aza misalasala mandray taratasy hafa. Mandraisa taratasy hafa ihany koa raha misy fanazavana fanampiny na tatitra tianao hatao.*
*Rehefa mifarana ny fifidianana dia atao ny fanisam-bato.*

- *Tsy maintsy manatrika ny fanisam-bato ianao.*

- *Jereo ary soraty ny fepetra noraisina rehetra, ohatra tamin'ireo vato maty sy ny sisa hafa.*

- *Jereo tsara ny fitsinjarana ny vato azon'ny mpilatsaka ho fidina tsirairay ary raiketo ao anatin'ny fisy fanaraha-maso eo aminao.*

- *Maka sosony iray amin'ny PV-mpanjakana ampiarahinao amin'ny fisy fanaraha-maso fenoinao. ZOnao ny mahazo io PV io ka angataho sy takio.*

***<u>Tandremo</u>*** :

- *Tokony ho feno ara-dalana tsy misy hosoka ny fisy fanaraha-maso.*

- *Tsy hifandiso na hifangaro ny vato azon'ny kandidà tsirairay.*

*- Tsy alefa any amin'ny Fivondronana ny fisy fanaraha-maso nofenoinao fa omena ny tompon'andraikitry ny KMF/CNOE miara-miasa aminao akaiky. Tsy an'ny fanjakana io fisy fanaraha-maso eny ampelatananao iny fa an'ny KMF/CNOE.*

*Mavesa-danja loatra eo amin'ny fiainam-pirenena ny tena safidim-bahoaka marina, koa mitaky fanaraha-maso entitrany fanajana izany izay miantoka ny ho avin'i Madagasikara iray manontolo.*

*Dia mahavita be amin'ny adidy masina izay iandraiketanao.*

*Ny Birao Nasionaly KMF/CNOE*
*(Fanaraha-maso ny fifidianana sy Fanabeazana ny Olom-pirenena)*

*Bien Aimé RAZAFINJATO*

**Hitsivolana nasiam-panovana**
**laharana faha-92-041 tamin'ny 2 oktobra 1992**
**anaovana ny lalam-pifidianana.**

---

## TOKO VII
## NY AMIN'NY FANDATSAHAM-BATO

**And. 81** : Amin'ny anaran'ny tena ihany ny latsabato. Tsy azo atao amin'ny alalan'ny fanomezam-pahefana hisolo tena na amin'ny alalan'ny taratasy hifandefasana izany. Raha misy mpiasam-panjakana, na mpitsara, na mpitandro filaminam-bahoaka, na miaramila ao amin'ny foloalindahy na ao amin'ny zandarimariam-pirenena manatontosa iraka ivelan'ny Fokontany misy ny fonenan'izy ireo kanefa ao anatin'ny fari-pifidianana misy azy ireo ihany, noho ny antony samihafa amin'ny andro hanaovana ny fifidianana, dia mahazo mandray anjara amin'ny fandatsaham-bato izay ireo rehefa mampiseho ny taratasy nanirahana azy na izay singan-taratasy hafa mahasolo izany sy ny kara-pifidianany amin'ny Filohan'ny iray amin'ireo birao fandahatsaham-bato ao amin'ny toerana misy azy ireo ka hanaovany ny asany na hamindran-toerana azy ireo vonjimaika ihany.

**And. 82** : Miafina ny latsabato.

**And. 83** : Ny kopia iray amin'ny lisitry ny mpifidy dia apetraka eo ambony latabatra ka manodidina izany no hivorian'ny birao.

**And.84** : Ny latsabato dia atao anaty valopy ka ny Fanjakana no miantoka ny valopy. Didim-panjakana no mametra ny modely sy ny teny voalahatra amin'ireny valopy ireny.

Tsy tantera-pahazavana ireo valopy ireo no sady tsy misy dinty ahazoana manidy azy mitovy karazana avokoa isaky ny fotoam-pifidianana. Alefa any amin'ny birao fandatsaham-bato tsirairay izy ireny alohan'ny fifidianana ka ny isany dia mitovy ahay amin'ny an'ireo mpifidy voasoratra.

Amin'ny andro fandatsaham-bato, dia omena hampiasain'ny mpifidy ao amin'ny efitrano fifidianana ireo valopy ireo.

Raha noho ny antony tsy azo anoharana na noho ny antony hafa, ka tsy misy ireo valopy ara-dalàna ireo, dia tsy maintsy manolo izany amin'ny valopy hafa mitovy karazana amin'izy ireo ny filohan'ny birao fandatsaham-bato ary mampanao latsabato araka ny fepetra voalazan'izao hitsivolana izao. Marihina ao amin'ny fitanana an-tsoratra izany fanoloana izany ary atovana azy ny dimy (5) amin'ireo valopy nampiasaina.

**And. 85** : Tsy manomboka ny raharaham-pifidianana raha tsy efa voapetraky ny Filohan'ny birao fandatsaham-bato eo ambony latabatra voatokana ho amin'izany daholo ny taratasin-datsabaton'ireo mpilatsaka hofidina rehetra izay efa nanolotra izany ny vaomiera manokana tondroin'ny andininy faha-45 etsy ambony.

Ny fahabangan'ny taratasin-datsabaton'ny mpilatsaka hofidina iray na ny lisitra iray misy ireo mpilatsaka hofidina, ka efa nanolotra izany ny vaomiera manokana dia mitarika ny fanafoanana ny latsabato ao amin'ireo birao io.

**And. 86** : Raha toa ka tsy ahitana intsony eo ambony latabatra, ny taratasin-datsabaton'ny mpilatsaka hofidiana iray, ao anatin'ny fotoana hanaovana ny raharaham-pifidianana, dia tsy maintsy aato avy hatrany izany raharaha izany mandra-panarenana io toe-javatra io.

Raha tsy misy mihitsy vahaolana azo atao amin'io lesoka io, dia hofoanana ny fandatsaham-bato ao amin'ilay biraom-pifidianana.

Na dia eo aza ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-85 etsy ambony sy ny paragrafy faha-2 amin'ny ity andininy ity, ny fahabangan'ny taratasin-datsabaton'ny mpilatsaka hofidiana iray na ny lisitry ny mpilatsaka hofidiana iray, dia tsy zary vato misakana velively ny fizoran'ny raharaham-pifidianana any amin'ny birao fandatsaham-bato iray na maromaro, na koa zary antony anafoanana ny latsabato amin'ireny birao voalaza ireny, raha tahiny izany lesoka izany dia hita miharihary fa vokatry ny tsy fahampiana mihitsy eo amin'ireo taratasin-datsabato nomen'ireo antoko politika, fikambanana, mpilatsaka hofidina na lisitry ny mpilatsaka hofidina araka ny voalazan'ny andininy faha-45 amin'izao fehezan-dalàna izao.

**And.87** : Ny vata fandatsaham-bato dia tsy tokony hisy afa-tsy iray ihany voatokana hampidirana ny valopy alatsaky ny mpifidy tsirairay avy.

Alohan'ny hanombohana ny fandatsaham-bato sy rehefa avy niaranatrika ny fanamarihana fa foana tsy misy na inona na inona ny vata fandatsaham-bato, dia tsy maintsy akatona amin'ny hidiny roa na gadena roa samy hafa ny vata ka ireofanalahidiny dia mipetraka, ny iray any am-pelatanan'ny filohan'ny biraom-pifidianana ary ny iray any ampelatanan'ny mpitsara iray mpanampy zokiolona indrindra.

**And.88** : Alohan'ny hidiran'ny mpifidy ao amin'ny birao fandatsahambato, ny mambra iray anisan'ny birao dia manamarina mialoha, sao io olona io efa misy ilay marika tsy maty kosehina fanao araka ny fomba tondroin'ny andalàna farany amin'ny andininy faha-91 etsy ambany.

**And. 89** : Raha tafiditra ao amin'ilay efitrano, ny mpifidy dia tsy maintsy manamarina ny zony handatsabato amin'ny alalan'ny fampisehoana ny karatra izay maha-mpifidy azy na didy iray navoakan'ny Filohan'ny fitsarana na ilay mpitsara voatendry ho filohan'ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato voalazan'ny andininy faha-106 etsy ambany. Raha toa ka very ny kara-pifidianana, dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra voalazan'ny andininy faha-56 etsy ambony izy.

Aorian'ny fanamarinana ny maha-izy azy sy ny fandinihana fa voasoratra marina ao amin'ny lisitry ny mpifidy izy, dia maka sosony iray amin'ireo taratasin-datsabato rehetra ary koa ny valopy iray foana tsy misy na inona na inona.

Avy eo, raha mbola tsy nivoaka ny efitrano ilay mpifidy, dia tsy maintsy mandeha irery ao amin'ny faritra efa voaomana mba tsy ahitan'ny olona azy rehefa manitrika ny taratasin-datsabatony ao anaty valopy izy. Manaraka izany, dia asehony hohamarinin'ny Filohan'ny birao fandatsaham-bato fa tsy mitondra afa-tsy valopy iray ihany izy ; manamarina izany ny filoha nefa tsy kasihiny ny valopy izay ilay mpifidy ihany no mampiditra ao anatin'ny vata fandatsaham-bato ; ny fomba fametrahana ireo toerana fitokanana dia atao arakaizay ahitan'ny besinimaro fa ara-dalàna ny fizotry ny raharaham-pifidianana.

Takelaka manokana

momba

# ny fifanolanana mikasika ny fifidianana

# FIZARANA III

## NY AMIN'NY ANDRAIKITRY NY FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA

**And. 27.** - Ny ady misy fifanolanana mikasika :
- ny raharaha ho fanatanterahana ny Fisafidianam-bahoaka;
- ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika;
- ny fifidianana ireo solombavambahoaka,

dia ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mitsara mahefa.

**And. 28.** - Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mandinika ihany koa ny fiarovan-tena hilazana fa misy tsy fanajana ny Lalàmpanorenana ampongatry ny mpiady eo anatrehan'ireo sokajim-pitsarana rehetra.

### Sokajy I

*Momba ny andraikitra mikasika ny fifidianana*

**And. 29.** - Amin'ireo anton-javatra ifanolanana mikasika ny fifidianana dia an-tsoratra indrindra indrindra no fomba arahina eo amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Na izany aza anefa, rehefa akana mpisolo vava ny raharaha, ka ampandrenesin'io mialoha ny Fitsarana Avo, dia azon'io mpisolovava io atao ny famelabelarana am-bava amin'ny fotoam-pitsarana. Amin'izay dia manao ny fanamiany ny Filoha mban'ireo Mpanolotsaina Ambony sy ny Lehiben'ny mpiraki-draharaha ary atao ampahibemaso ny fitsarana.

**And. 30.** - Fitoriana famakiana ady no enti-manolotra ny raharaha hotapahin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana araka ireo fitsipika voadidy arahina ka soritan'ny rijan-teny voatokana hifehy ireo fifidianana samihafa.

**And. 31** - Ny fitarainana, izay atao roa sosona ka tsy ampandoavina hajia sy saram-panoratana, mba tsy hahafoana azy, dia tsy maintsy soniavina ary misy :

- ny anarana sy fanampin'anaran'ny mpitory;
- fonenany;
- ny kopian'ny kara-pifidianany izay efa voamarina eo anatrehan'ny lalàna ka maimaimpoana no anaovana izany;
- ny anaran'ilay na ireo olom-boafidy izay toherina ny fifidianana azy;
- ny tohan-kevitra sy ny antony amaharana ho fanafoanana izany.

Tsy maintsy ampiarahina amin'ny fitoriana ireo taratasy rehetra anaporofoana ny tohan-kevitra amaharana.

Mety ho taratasy notoavina na ara-panjakana, na ihany koa tenin'ny vavolombelona voarakitra an-tsoratra ary voasonian'ny mpifidy dimy raha kely indrindra, ka nanatrika ny fitrangan-javatra na ny zava-boalaza ho tsy ara-dalàna, ireo taratasy ireo.

Masi-mandidy amin'ny fandajalanjana ny herin'ireo taratasy nampongatra ho porofo ny Fitsarana Avo.

**And. 32.** - Eo amin'ny ady ifanolanana mikasika ny fifidianana, ny fitarainana, dia ampahafantarin'ny Fiandraiketan-draharahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny filohan'ny birao fandatsaham-bato voakasik'izany mbamin'ilay olom-boafidy izay notoherina ny fifidianana azy.

Mikasika ny fampisafidianam-bahoaka, ny fitarainana dia ampahafantarina ny filohan'ny birao fandatsaham-bato tandrify izany.

Azon'ireo olona voakasik'izany atao, ao anatin'ny volana iray nampahafantarina azy ireo, ny manolotra ny fehin-teny hiarovan'izy ireo tena.

Raha dila izany fe-potoana izany dia samy voafetra ho dimy ambin'ny folo andro avy ny fe-potoana ananan'ny andaniny sy ny ankilany ary ifandimbiasan'ny roa tonta, araka izay anjarany avy, mba hamaliana izay fehin-teny atao hiarovan-tena na ho setrin'izany.

Azon'ny Filoha halavaina ireo fe-potoana voatondro eo ambony ireo rehefa misy fangatahana milaza ny antony ka nampahafantarina ny ankilany telo andro ahay mialoha ny hahataperan'ny fe-potoana, na ataony ankitsirano izao raha toa ka misy anton-javatra manokana manery ny amin'izany.

Raha tsy manolotra fehin-teny ao anatin'ny fotoana voafetra anaovany izany ny iray amin'ny mpiady, dia heverina fa vonon-ko tsaraina amin'izay ny raharaha.

**And. 33.** – Raha vao maharay ny fitarainana ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia mamoaka didy manendry ny Mpanolotsaina Ambony ho mpampaka-teny izay manaraka ny fomba voadidy arahina ka atao momba izany.

Rehefa vonon-ko tsaraina ny raharaha, dia asain'ny Filoha soratana ao amin'ny lisitry ny raharaha hotsaraina izany ary tondroina ny vaninandro hanaovana ny fitsarana.

Ny fitoriana famakian'ady izay tsy azo noraisina na foana ny tsy fanajana ny fepetra-voalazan'izao hitsivolana, dia tsy anaovana fifanakalozana fehin-teny. Soratana avy hatrany ao amin'ny lisitry ny raharaha hotsarain'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izy ireo.

Ao anatin'ny iray volana manaraka ny fanoratana azy ao amin'ny lisitry ny raharaha hotsaraina no tsy maintsy amoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fanapahany.

**And. 34.** - Raha heverin'ny Fitsaranna Avo ho tsy ampy tsy ampy tsara ny fahalalany ny toe-javatra, dia mahazo mamoaka didy savaravina mampanao famotorana na fanazavana fanampiny izy.

Tandrifin'ny fahefana ananany ny mitsara izay raharaha rehetra na paika fanolahana asetry raha misy fangatahana atao kanefa tsy mahafehy ny Fitsarana hafa ny fanapahana ataony momba izany.

Raha misy fitoriana lazain'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fa azo raisina, dia araka ny toe-javatra no anaovany na ny fanapahana izany, na ny fanarenana ireo vokatra azo, na ny fanafoanana ireo raharahan'ny birao fandatsaham-bato voakasik'izany, raha voaporofo fa ny zava-nitranga na ny raharaha natao ka toherina dia nampivaona ny fandatsaham-bato tamin'ny hitsiny ary nampibirioka ny hevitra kendren'ny latsabato nataon'ny mpifidy na raha misy fandikana miharihary izao ny fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna velona ary koa izay fepetra voadidy ho toavin'ny daholobe.

**And. 90** : Na manao ahoana na manao ahoana, ny Filohan'ny birao dia tsy mahazo manome mihitsy alàlana handatsa-bato izay mpifidy mandà tsy handeha any amin'ny efitra fitokanana ka manitrika, eo imason'ny besinimaro, ny taratasin-datsabatony ao anaty valopy. Araka izany, dia iangaviana eo no ho eo ihany ity farany hivoaka avy hatrany ny birao fandatsaham-bato.

Ireo fepetra mitovy amin'izany dia ampiharina ihany koa raha toa ilay mpifidy ka mandà tsy haka sosony iray amin'ireo taratasin-datsabato rehetra mbamin'ny valopy napetraka eo ambony latabatra fiasana.

Amin'izany rehetra izany, dia hatao ny fanamarihana izany ao amin'ny fitanana an-tsoratra ireo raharaham-pifidianana.

**And. 91** : Aorian'ny fandrotsahan'ny mpifidy ny valopy ao anatin'ny vata fandatsaham-bato, dia soniaviny ny lisitra fanamarihan-tsonia eny an-tsisiny. Raha tsy mahay manoratra izy, dia ny lavitondrony no apetany ao amin'ny lisitra fanamarihan-tsonia. Eo amin'ireo toe-javatra roa ireo, dia tovanan'ny mambra iray ao amin'ny birao fandatsaham-bato ny soniany, isaky ny mandeha, ny an'ilay mpifidy na ny lavotondron'izy io eo amin'ny lisitra fanamarinan-tsonia.

Mambra iray ao anatin'ny biiraom-pifidianana no manamarina fa mifanaraka tsara amin'izay mipetraka ao amin'ny kara-pifidianana io sonia io. Miaraka amin'izany koa, dia misy mpitsara mpanampy manamarika ny vaninandro nandatsaham-bato sy mametaka ny soniany eo amin'ilay faritra voatokana ho amin'izany eo amin'ny kara-pifidianana.

Mialoha ny handaozan'ny mpifidy ny birao fandatsaham-bato, dia asian'ny mambra iray añisan'ny birao, marika ny ankihiben-tanana haviany, amin'ny ranomaintsy tsy maty vonoina izy io.Raha sendra ka mondro izany rantsa-tanana izany, dia ireo mambra ao amin'ny birao fandatsaham-bato no manapa-kevitra ny amin'ny safidy ataony amin'izay rantsan-tanana hasiana marika no sady mampanoratra ny filazana momba izany ao amin'ny lisitra fanamarihan-tsonia. Izay rehetra fandavana tsy hanaraka io fombafomba io, izay atao mba hisorohana dieny mialoha ny latsabato miverim-berina imbetsaka, dia tokony iharan'ny sazy voatondron'ny andininy faha-473 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana. Ny filohan'ny birao fandatsaham-bato no mizaha fototra izany fandavana izany amin'ny alalan'ny fanaovana fitanana an-tsoratrairay ka mandefa azy ity any amin'ny mpitsara mpampanoa lalàna ; afaka izy amin'izay mikasika ny fanarahana ireo fombafomba tondroin'ny andininy faha-128 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny paika ady heloka.

**And. 92** : Izay mpifidy rehetra hita fa manan-kilema tokoa ka tsy ahafahany manitrika ny taratasin-datsabato ao anaty valopy sy mandatsaka izany ao anaty vata fandatsaham-bato, dia omen-dalana hangataka ny fanampian'ny mpifidy iray izay tiany.

**And. 93** : Ny latsabato dia hamarinina amin'ny alalan'ny lisitra fanamarihan-tsonia eny an-tsisiny izay misy ny laharam-pisoratana, ny anarana, fanampin'anarana, ray aman-dreny niteraka, asa atao, ireo laharana sy vaninandro ary toerana nanomezana karapanondrom-pirenena ary koa ny tena adiresy marina an'ireo mpifidy voasoratra anarana ao amin'ny lisitry ny mpifidy ka anisan'ny mandatsa-bato ao amin'ilay birao tandrify izany.

Ampiana ao koa ny fanondroana mifanitsy amin'izay mikasika ireo mpifidy tonga miseho eo ka mitondra ny iray amin'ireo fanapahana voatondron'ny andininy faha-57 etsy ambony na ireo izay nahafeno ny fepetra voalazan'ny andininy faha-81 amin'izao Lalam-pifidianana izao.

**And. 94**: Izay rehetra mpilatsaka hofidina na ny solontenany voatendry ara-dalàna ary izay mambra mpanara-maso nankatoavina hanao ny asany, dia manana zo hanara-maso ireo raharaha rehetra mikasika ny latsabato sy ny fisarihana ny taratasin-datsabato ary ny fanisam-bato, any amin'ireo trano rehetra anaovana izany raharaha izany, ary koa hitaky ny fanoratana ao amin'ny fitanana an-tsoratra izay rehetra fanamarihana na hanoherana na fitsipahana momba ireo raharaha voalaza ireo, ary izany dia na mialoha ny fanambarana ny vokatry ny latsabato, na aty aoriany.

Na fanoherana na fitsipahana momba ireo raharaha voalaza ireo, ary izany dia na mialoha ny fanambarana ny vokatry ny latsabato, na aty aoriany.

Izay rehetra fandavana tsyhampiasa io zo io dia mety hiharan'ny sazy voatondron'ny andininy faha-126 etsy ambany.

## TOKO VIII
## NY AMIN'NY FISARIHANA NY VATO

**And. 95** : Rehefa mifarana ny fandatsaham-bato dia aroso ny fisarihana ny vato. Atao am-pahibemaso izany fanisam-bato izany ary tsy maintsy ao anatin'ny biraom-pifidianana no iandraiketana izany.

Manendry mpanisa vato izay ampy tsara ny isany, ka mahay mamaky teny sy manoratra ny birao, ary izany dia avy amin'ireo mpifidy tonga manatrika, izay mizara efatra isan-databatra farafahakeliny.

Raha maro ny mpilatsaka hofidina na lisitry ny mpilatsaka hofidina mifanandrina, dia azon'ireo solontenany atao avy ny manendry mpanisa vato ka tsinjaraina ihany koa, araka izay azo atao amin'ny latabatra tsirairay fanisam-bato avy izy ireo.

Amin'izany, dia omena ny filoha adiny iray mialoha ny famaranana ny latsabato ny anaran'izy ireo mba hahazoana manao lisitry ny mpanisa vato isan-databatra alohan'ny fanombohan'ny fanisam-bato.

Ny latabatra, izay anaovana ny fisariham-bato, dia atao araka izay fomba hahazoan'ny mpifidy mivezivezy manodidina azy ireo ka tsy hanelingelenany mihitsy ny asa ataon'ireo mpanisa vato.

Raha toa, amin'ny fotoana hifaranan'ny latsabato, ka tsy any am-pelatanan'ny filohan'ny biraom-pifidianana ireo fanalahidy roa mba hampiasainy, dia mandray izay fepetra rehetra ilaina izy mba hahazoana mamoha avy hatrany eo anatrehan'ny besinimaro ilay vata fandatsaham-bato.

**And. 96** : Ireo mambra ao amin'ny birao fandatsaham-bato dia manao ireto asa manaraka ireto :

1. Famaranana ny isan'ireo mpandatsa-bato ao amin'ny lisitry ny fanamarihan-tsonia eny an-tsisiny sy ny fanambarana izany ;

2. Faohana ny vata fandatsaham-bato mba hamaritana ny isan'ireo valopy sy ny fanambarana izany.

Zarain'ny filoha amin'ireo latabatra samihafa ny valopy hohamarinina. Iray amin'ireo mpanisa vato isaky ny latabatra no misarika ny taratasin-datsabato avy ao anaty valopy tsirairay avy, ary rehefa novelariny izany dia atolony ny mpanisa vato iray hafa ; izy io no mamaky mafy izay voalaza ao ; mpanisa vato roa raha kely indrindra no mandray an-tsoratra ireo anarana hita eo amin'ny taratasin-datsabato amin'ny ravi-taratasy efa voaomana ho an'ny fisariham-bato sy ny fanisana izany. Raha maromaro ny taratasin-datsabato ao anatin'ny valopy iray dia tsy manan-kery ny vato rehefa lisitra sy anarana samihafa no entin'ireo taratasin-datsabato ireo ; isaina ho vato iray kosa izany raha toa ka lisitra mitovy na mpilatsaka hofidina iray ihany no voatondro ao.

Ireo mpanisa vato no mamarana sy manao sonia ny taratasy fisarihana ny vato sy ny fanisana izany.

**And. 97** : Aorian'ny fandatsaham-bato dia alefa any amin'ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato ireo lisitra fanamarihan-tsonia eny an-tsisiny, araka ny fepetra tondroin'ny paragrafy faha-2 amin'ny andininy faha-104 etsy ambany.

**And.98** : Ireo vato fotsy na izay tsy feno ny fanondroana raiketiny na koa izay nasian'ny mpandatsa-bato famantarana ny tenany sy ireo taratasin-datsabato hita tao anatin'ny vata fandatsaham-bato nefa tsy misy valopy ary ireo taratasin-datsabato na valopy misy marika ao anatiny na ety ivelany hahafantarana azy mbamin'ireo taratasin-datsabato na valopy ahitana endri-javatra famantarana na sary na koa soritra enti-manompa ny mpilatsaka hofidina na olon-kafa dia tsy miditra ho anisan'ny vokatra azo amin'ny fanisam-bato.

Atovana ny fitanana an-tsoratra anefa izy ireo miaraka amin'ireo valopy tsy ara-dalàna rehefa notovanana ny sonian'ny mambra ao amin'ny birao.

Tsy maintsy misy ny filazana ireo antony nampiarahina azy amin'ny fitanana an-tsoratra avy amin'ireo taratasin-datsabato natovana.

**And. 99** : Raha toa ka mihoatra ny isan'ny sonia mifanandrify, amin'ny isan'ireo valopy hita tao anaty vata fandatsaham-bato, dia atao antsapaka ny fanesorana ny isan'ny valopy mitovy amin'izay tafahoatra hita tao. Homarihina ao anatin'ny fitanana an-tsoratra izany raharaha natao

izany no sady ampiarahina aminy koa ireo valopy nesorina izy notovanana ny sonian'ny mambra ao amin'ny birao ary hatao ao anaty valopy mihidy vita sonia rango-pohin'ireo farany.

Ankilan'izany kosa dia heverina ho tsy manan-kery izay rehetra tafahoatra ny isan'ny sonia amin'ny valopy hita tao anaty vata fandatsaham-bato.

**And. 100** : Raha tsy vita ny fampiarahana ireo singan-taratasy tondroin'ny andininy faha-98 sy ny faha-99 etsy ambony, dia tsy mitarikany fanafoanana ny raharaham-pifidianana io toe-javatra io afa-tsy raha voamarina tokoa na nanohintohina ny fahamarinan'ny latsabato izy zava-kinendry tamin'izany.

**And. 101**: Aorian'ny fifaranan'izany raharaha natao izany dia ambaran'ny Filohan'ny birao fandatsaham-bato ampahibemaso miaraka amin'izay ireo vokatry ny fanisam-bato no sady anaovana fitanana an-tsoratra izany.

**And. 102** : Marihina ao anatin'izany ny ora nisokafan'ny fandatsaham-bato sy ny ora nanambarana fa nifarana izy io mbamin'ny fanatontosana izany fombafomba samihafa voadidin'ny lalàna atao ary, amin'ny ankapobeny, ireo zava-mitranga rehetra nandritra ny raharaham-pifidianana.

**And. 103** : Raha vantany vao mifarana ireo raharaha natao, dia any amin'ny efitra fandatsaham-bato no anaovana ny fitanana an-tsoratra momba izany. Izy ity dia soniavin'ny mambra telo (3) ahay anisan'ny birao fandatsaham-bato.

Iangaviana ireo delegen'ny mpilatsaka hofidina mba hanovana ny sonian'izy ireo. Tsy azo atao ho fombafomba tsy maintsy tanterahina anefa ny fanaovan'ireo mpilatsaka hofidina na izay solontenany sonia eo ambanin'ny fitanana an-tsoratra.

Atovana io fitanana an-tsoratra io ny lisitra fanamarihan-tsonia sy ireo vato fotsyna tsy manan-kery, na ireo valopy sy taratasin-datsabato notsipahina mbamin'ireo taratasy fanisam-bato vita sonian'ny mpanisa vato ary, raha misy, ireo taratasy nanomezam-pahefana ireo delege sy ireo taratasy vavolombelona ho an'ireo mpanara-maso, araka izay tondroin'ny andininy faha-64 sy faha-71 etsy ambony ary koa ireo valopy noesorina voalazan'ny andininy faha-99 etsy ambony.

**And. 104** : Atao sosony maro ny fitanana an-tsoratra arakaraka ireo izay handefasana azy lazaina manaraka etoana ka ny iray amin'izany dia hatao peta-drindrina avy hatrany eo ivelan'ny birao fandatsaham-bato.

Ny filohan'ny birao fandatsaham-bato tsirairay avy sy ireo mambra ao amin'ny komitim-paritry ny fandriampahalemana any amin'ny Fokontany no mikarakara haingana ny fandefasana ilàlana tsy misy hatak'andro ny matoan-tsoratry ny fitanana an-tsoratra miaraka amin'ireo singan-taratasy voatanisa ao amin'ny andininy faha-103 etsy ambony, ka ao anaty valopy mihidy sy amin'ny fomba faran'izay malaky indrindra no hanaovany sy andefasany izany any amin'ny filohan'ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato izay mivory any amin'ny renivohitry ny Fivondronampokotany.

Ny sosony fahatelo amin'ilay fitanana an-tsoratra dia alefa avy hatrany any amin'ny solontenan'ny Fanjakana eo amin'ny ambaratongan'ny Fivondronam-pokontany mba ho tantsoratr'elany. Ny sosony fahefatra lasa dia ampitaina any amin'ny solontenan'ny Fanjakana eo amin'ny ambaratongan'ny Firaisampokon-tany mba atao peta-drindrina eo ivelan'ny birao miaraka amin'ny fitambaran'ireo vokatra rehetra azo tao amin'ny faritra iadidiany.

Ankoatr'izany, ny delegen'ny mpilatsaka hifidina sy ny mpanara-maso notoavina tsirairay avy manatrika ny fanisam-bato dia afaka maka ny kopian'ny fitanana an-tsoratra ny raharaham-pifidianana izay tsy maintsy soniavin'ny mambra ao amin'ny birao fandatsaham-bato, raha misy ilàna izany.

## TOKO IX
## MOMBA NY FANISANA ANKAPOBE NY VATO SY IREO FITAKIANA ARY FANOHERANA MBAMIN'IREO FANGATAHAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA

**And.105** : Raha vao vita ny fanangonana ireo vokatry ny fifidianana isaky ny birao fandatsaham-bato, dia tsy maintsy ataon'ny filohany sy ny an'ny komitim-paritry ny fandriampahelemana ny fikarakarana haingana mba handefasana ilàlana eo no ho eo ihany sy amin'ny fomba faran'izay malaky indrindra, ao anaty valopy mihidy, any amin'ny filohan'ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato izay mivory any amin'ny renivohitry ny Fivondronampokontany, ireo antontan-taratasy rehetra tsy misy avakavaka ka nampiasaina tamin'ny raharaham-pifidianana.

Mba hisian'ny fifandrindrana eo amin'ny fanaovan-dahasa, dia azon'ny solontenam-panjakana eo amin'ny ambaratongan'ny Firaisam-pokontany, atao ny miara-misalahy amin'ny fandefasana ilàlana ireo antontan-taratasy voatanisa etsy ambony ireo mankany amin'ny renivohitry ny Fivondronampokontany.

**And. 106** : Ampahibemaso no anaovana ny fanisana ankapobe ny vato ka ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato no mikarakara izany, izay toy izao avy no ho anisany :

- mpitsara iray tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana sady Minisitry ny Fitsarana : Filoha.
- mambra telo (3) avy amin'ny manam-pahefana ara-pitondrana ao amin'ny Fivondronampokontany ary mpiasam-panjakana telo izay samy tendrena avokoa amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ataon'ny Minisitry ny Atitany.

Manao ny fanisana tsirairay ireo taratasin-draharaha nalefan'ny biraom-pifidianana isanisany avy ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato no sady manamarina ihany koa fa tsy misy diso mihitsy ny fikajiana izay natao momba izany.

Marihin'io vaomiera io ao anatin'ny fitanana an-tsoratra ataony izay rehetra toe-javatra sy antonanton-javatra ary izay rehetra tsy fetezan-javatra ka azony notsimponina tao amin'ireo taratasin-draharaha ary izany dia isaky ny biraom-pifidianana tsirairay. Raha noho ny antony lehibe tsy azo anoharana ka tsy tonga tany amin'ny vaomiera miandraikitra ny fanisam-bato ireo vakatry ny fifidianana avy amin'ireo birao fandatsaham-bato iray na maromaro, dia manao fitanana an-tsoratra momba izany lesoka izany izy io.

Ireo antontan-taratasy rehetra nampiasaina tamin'ny raharaham-pifidianana miaraka amin'ny fitanana an-tsoratry ny vaomiera mbamin'ny safim-pamintinana izany dia alefa ao anatin'ny valopy mihidy any amin'ny fiandraiketan-draharahan'ny fitsarana momba ny lalam-panorenana ka ao anatin'ny fe-potoana efatra amby roapolo ora (24) miantomboka amin'ny naharaisana ny valopy farany mihidy tondroin'ny andininy faha-105 etsy ambony no anaovany izany, eo ambany fikarakaran'ny filohan'ny vaomiera tena miandraikitra ny fanisam-bato sy ireo manampahefana ara-pitondrana rehetra ao amin'ny Fivondronampokontany.

Io fandefasana io dia tsy maintsy atao amin'ny fomba faran'izay haingana indrindra ary samy tompon'andraikitra momba izany ny tsirairay avy ireo manampahefana ara-pitondrana any amin'ny Fivondronampokontany sy ny Faritany.

**And. 107** : Manana zo hanao fitakiana sy hitsipaka ny maha-ara-dalana ireo asa nentina nanatanteraka ny fampielezan-kevitra na ireo raharaha mikasika ny latsabato izay nizotra tao amin'ny faritra iadidian'ilay biraom-pifidianana ka nosoratany anarana, izay rehetra mpifidy tena voasoratra anarana tokoa tao amin'ny lisi-pifidianana nampiasaina tamin'ny fanontanian-tsafidy napetraka amin'ny vahoaka amin'ny alalan'ny fifidianana.

Manana zo mitovy amin'izany koa eo amin'ilay fari-pifidianana manontolo na ny ampahany ihany amin'izany ka voakasika noho ny filatsahany hofidina tao ny mpilatsaka hofidina tsirairay avy.

Azony toherina toy izany koa ireo vokatry ny fifidianana tao amin'ny biraom-pifidianana misy azy na ampangaina fa nisy tsy fanajana ireo ankina sy fepetra ary fomba voadidin'ny lalàna tao, ary izany dia araka ny fombafomba voalazan'ny fizarana IV entin'ity Fehezan-dalana ity.

Country MADAGASCAR

Year ______ Language MALAGASY

Description CIVIC EDUCATION MATERIAL

IFES developed/sponsored? LOCAL NGO: CNOE